
# ALAHADY NY NISEHOAN'NY TOMPO na EPIFANIA - TAONA B 2024



## *IZAO TONTOLO IZAO NO IRIN'ANDRIAMANITRA HO EGLIZY FIANAKAVIANY*

Vakiteny I : **Jen. 15, 1-6; 21, 1-3**
Tononkira : **Sal. 104**
Vakiteny II : **He 11, 8. 11-12. 17-19**
Evanjely : **Mt. 2, 1-12**

Ry Kristianina havana, mbola ao anatin'ny vanim-potoanan'ny Noely isika izany hoe Andriamanitra eo anivontsika Emanoela". Tsy Andriamanitra lavitra tokoa ny Andriamanitsika fa Andriamanitra mikarakara sy mikolokolo antsika. Tonga Olombelona I Jesoa mba hanarina ny fiainantsika olombelona lavo amin'ny fahotana tamin'ny fototra izany hoe potika ny fifandraisana telo mandrafitra ny maha olona dia ny fifandraisana amin'ny zava-boary, amintsika samy olombelona ary amin'Andriamanitra. Izany no mahatonga antsika milaza fa fahariana vaovao ny fahatongavan'ny Zanak'olombelona hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Io no takalo sarobidy tsy takatry ny saina satria takalo faty antoka ho an'Andriamanitra nefa amin'ny fitiavana izay mahafoy no mahazo ary izay maty antoka no mandresy.

Tahaka ny fahariana voalohany dia antsoin'Andriamanitra isika hiaraka Aminy hanarina ny potika. Io no antsoin'I Papa miainga amin'ny ekolojia feno mikendry ny mahaolona ka amerimberenany amin'izao ny hoe fahaizana mitandro ny tontolo mitondra amin'ny fikoloana amin'ny lafiny rehetra : "culture des soins". Mifanojo tsara amin'ny ezaka ataontsika tamin'ny tapany voalohany amin'ny Sinaody : "Fianakaviana eglizy kely mikarakara sy mikolokolo ny zava-boary." Miroso hatrany ny dia ka sady manomana ny fijanonana faha-3 isika no miatrika ny Kongresy Eokaristika KEN 2024. Matetika isika no mampisongadina fa tsy misy zavatra kisendrasendra fa ataon'Andriamanitra izao rehetra izao hanehoany ny fitiavany.

Azo lazaina fa ny Sinaody, EOV miara-dalana mifampitsimbina mifanasaoa ihany no ankalazaintsika amin'izao fetin'ny Epifania na ny nisehoan'ny Tompo amin'ny firenena rehetra izao. Tian'Andriamanitra ny hahavonjy ny firenen-drehetra. Izao tontolo izao no tian'Andriamanitra ho oloaraiky ao Aminy, ho fianakaviana sy Eglizy araiky ao Aminy, ho Fratelli tutti. Isika no EOV MISIONERA IRAHINA HANATANTERAKA IZANY. Mila "fiovam-penitra mahery vaika, changement radical des comportements" raha vonona isika hiroso amin'izany "mission" izay azo lazaina fa tena MAIKA tokoa izany sady tsy azontsika idifiana na ialana satria sanatria sao tara eo indray isika na tafita satria mifampitsimbina na rendrika satria mifanikilika. Aoka koa anefa hazava fa Izay misy sy mandray an'Andriamanitra no mahazo ny famonjena ary izany famonjena natao ho an'ny firenen-drehetra izany no ankalazain'ny Eglizy androany fetin'ny Epifania.

Azo lazaina fa tena nanao Sinaody mihitsy ireo Majy satria nifampidinika izy ireo, niara-nivavaka. Nitady hevitra etsy sy eroa hatramin'ny andeha tany amin'ny Heroda. Nihaino ny maro. Nifampihaino ka farany nahita ny kintana nitarika azy ireo. Izany ihany koa ny ataontsika amin'izao Sianaody izao.

Ny vakiteny masina aroson'ny Eglizy amintsika androany dia manambara an'izany famonjena ho an'olombelona rehetra izany, io no antitranterin'ny vakiteny faharoa amin'ity Alahadin'ny Epifania ity. Izany rahateo no foto-pampianaran'ny Konsily vatikana faharoa : natao ho an'olombelona rehetra ny famonjena. Raha nahary antsika olombelona Andriamanitra dia nahary hitovy endrika Aminy ka ny "vocation"-ntsika dia ny ho masina sy hiombona amin'Andriamanitra. Izany no banjinintsika amin'izao Epifania izao.

Raha mijery ny tantaran'ireo majy isika izay azo lazaina fa tantarantsika olombelona. Ireo majy ireo dia avy amin'ny firenena lavitra, tsy hoe amin'ny toerana fotsiny fa indrindra lavitra amin'ny finoana sy amin'ny fiainana ny finoana satria azo lazaina fa mpanompo sampy izy ireo, azo lazaina koa fa ireo manam-pahaizana tsy manaikinaiky foana fa mitady porofo, azo lazaina koa fa ireo tsy mandeha ho azy amin'ny fiainana fa manantena zava-baovao hanentana azy ireo, fanentanana vaovao matoa mandeha lavitra. Ireo majy anankitelo dia tandindon'izany rehetra izany kanefa kosa naniry ny ho sambatra sy hahita ary hahalala an'Andriamanitra izy ireo.

Ireo majy dia tandindon'ny zava-misy ankehitriny amin'ny fiainantsika, isika tsirairay no ambaran'ireo majy ireo. Very ny kintana ka izany no averimberintsika matetika hoe : "very fanahy mbola velona", very "repère", very kintana mitarika….

Tamin'izany fotoana izany nankany Jerosalema izy ireo nandeha niatrika ny mpanjaka Heroda ka nanontany aiza no misy ny mpamonjy, *"Rehefa teraka tao Betilehema any Jodea i Jesoa tamin'ny andron'i Herôda mpanjaka, dia indreo nisy Majy avy tany Atsinanana tonga tany Jerosalema nanao hoe: "Aiza ilay Mpanjakan'ny Jody vao teraka? fa efa nahita ny kintany tany Atsinanana izahay, ka nankaty mba hitsaoka Azy"* Taitra i Heroda satria *"Raha nahare izany i Herôda mpanjaka, dia taitra izy mbamin'i Jerosalema rehetra, ka namory ny lohan'ny mpisorona rehetra, sy ny mpanora-dalàna tamin'ny vahoaka izy, ary nanontany azy hoe: "Aiza no hahaterahan'i Kristy?"* Feno fitiavan-tena loatra ny tenany, rakotra ny fony tsy nahita ny marina, tsy nanaiky ny fisian'ny mpanjaka hafa noho izy i Heroda.

Io tantara fohy io no mamintina ny fiainantsika olombelona ary izao krizy izao dia azo lazaina fa mampibaribary azy. Matetika isika very repère ary manantena olona afaka hanampy kanefa vao mainka loza. Anatra ho antsika izany. Tsy ny olona rehetra no afaka manampy. Hoy izaho matetika amin'ny tanora aza manaiky ho viravirain'ny olona ny fanentananao (hoy ny Papa ny fanantenana mira ny "ho avy" ho an'izay vita batemy manana an'I Kristy tsy miova omaly anio ary mandrakizay). Omeo izay afaka manome aina sy fiainana ny fanantenanao dia ho fantatrao fa tsy ho very ianao. Soa ihany ireo Majy tonga saina ka afaka nahita indray an'I Kristy. Io ilay lazaintsika "départ vaovao" ataontsika, tonga saina isika ka hisafidy an'I Kristy Ilay kintana mitarika antsika.

Averimberintsika matetika fa izay hendry manao ny marina ary ny marina no mahaolona afaka antsika. Manana modely isika eto Madagasikara raha ny fiainana ny fahamarinana dia tsy iza fa I Lucien Botovasoa, izy no modely ho antsika.

Jerosalema tanànan'ny fiadanana, tanàna masina, tany ireo majy no nanontany ny fisian'ilay Mesia. Nanao ny asan'Andriamanitra ireto majy ireto ka notarihin'ny kintana izay Fanahin'Andriamanitra izy ireo. Nahita an'i Jesoa ka feno hafaliana ireo majy notarihin'ny kintana "*Ary indro ilay kintana hitany tany Atsinanana, fa nialoha azy ambara-pijanony teo ambonin'izay nitoeran'ny Zaza ».*

Ry Kristianina havana, i Jesoa no kintana ka raha mitoetra ao amin'i Jesoa isika sady itoeran'i Jesoa dia hihavao ny fiainantsika. Hiova ka hiverina amin'ny laoniny ny fifandraisana na amin'ny zava-boary na amin'ny amin'ny tontolom-piainana na amin'ny tontolom-pinoana. Matoky isika fa noho io fanantenana io dia hamokatra ny fiainantsika sy ho feno hafaliana sy fiadanana. Izany tokoa no niseho tamin'ny fiainan'ireto majy ireto satria nahita sy nanaiky nitoetra tao amin'i Jesoa izy ireo.

Arakaraky ny fitoerantsika ao amin'i Jesoa no hahazoantsika hafaliana sy hamokarantsika eo amin'ny fiainantsika. Rehefa tena miombona amin'Andriamanitra dia hitantsika ny toetra nataon'ireo majy izay nitsaoka an'i Jesoa ary nahafoy. Tsy fitoerana mikombona fa fiombonana mivelatra tahaka ny fiombonan'ny Trinite Masina. Io fitoerantsika ao amin'I Jesoa io no mandrisika antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VAOVAO MANORINA ETA MANORINA NY TRANOBE IOMBONANA.

Izany no hahafantarana fa mitoetra ao amin'i Jesoa isika raha mamokatra ny fiainantsika satria mamokatra ho an'ny besinimaro. Mamokatra ny fiainantsika satria tahaka ireo Majy mahafoy.

Ny fahafoizana izay tena sarobidy amintsika no hahafantarana fa mitoetra ao amin'Andriamanitra isika ka arakaraky ny fitoerantsika ao amin'i Jesoa no hahafoizantsika ka hampamokatra antsika.

Aoka isika amin'izao fanombohan'ny taona hanaovantsika "départ vaovao "hitondra amin'ny fanorenana Eglizy olona velona EOV MISIONERA izao hahafoy fotoana izay sarobidy mety manelingelina antsika. Raha tiantsika hamokatra ireo fankalazana maro ato amin'ny diosezy amin'ity 2024 ity anisan'izany ny Jobily, ny Chapitre ary indrindra ny Kongresy Eokaristika KEN 2024 dia aoka ho vonona hahafoy isika, hahafoy ny harenantsika izany hoe ny tena tena sarobidy amintsika, tahaka ireto majy nahafoy ny volamena, ny emboka masina, ny mira. Ny zavatra sarobidy tamin'izy ireo no nafoiny ho an'i Jesoa. *"Faly dia faly izy nony nahita ny kintana, ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy i Maria Reniny, ka niankohoka nitsaoka Azy; ary nony efa nosokafany ny fitoeran-drakiny, dia nanolotra fanatitra ho Azy izy, dia volamena sy emboka manitra ary mira ».* Araka ny voalazan'ny mpandinika ny Soratra masina dia misy dikany manokana ireo, ary tandindon'ireo fanomezana ataontsika amin'Andriamanitra. Aoka isika hahafoy amin'ireo manodidina antsika dia hitoetra ao amin'Andriamanitra isika, raha mahafoy ho an'Andriamanitra isika dia hanasoa antsika izy tahaka ny nanasoavany an'ireo Majy.

Dia nody ireo majy ka tsy nandalo tany Jerosalema, aoka isika ry Kristianina havana tsy ho voan'ny rendrarendra, rehefa mivavaka dia tena mivavaka tokoa, "*Ary rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra tamin'ny nofy izy ireo tsy hiverina any amin'i Herôda, dia lalan-kafa no nalehany nody ho any amin'ny fonenany. »*

Enga anie isika amin'ny taona vaovao izao hiroso amin'ny tena fivavahana eo anivon'ny fianakaviana Eglizy kely mba ho tena fianakavian'Andriamanitra tokoa isika, tahaka ny voalaza ao amin'ny bokin'Izaia mpaminany : *"Mitsangàna, ka mamirapirata, ry Jerosalema, fa miposaka ny fahazavanao; ary miposaka eo aminao ny fahazavan'ny Tompo. Indro ny haizina fa manarona ny tany, ary ny haizim-pito manarona ny firenena; fa ny Tompo kosa no miposaka eo aminao; ary ny voninahiny miseho eo aminao. Mandroso eo amin'ny fahazavanao ny firenena ary ho eo amin'ny famirapiratan'ny fiposahanao ny mpanjaka »*

Hiposaka eo amin'ny fianakaviantsika tsirairay avy anie ny voninahitr'Andriamanitra ka hitantana ny fiainantsika manontolo amin'ity taona vaovao ity. Milaza koa i Masindahy Paoly fa ho fianakaviana iray isika ka tsy misy intsony ny jody na ny jentily fa iray fianakaviana ao amin'Andriamanitra isika satria mino an'i Jesoa. "*Tonga iray lova sy iray tena ary miombona amin'ny fampanantenana amin'ny Jody ny Jentily ».* izany indrindra no tanjon'ny KEN 2024 : "fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao Mpiray tampo ianareo Jiaby…

Enga anie ho tahaka an'ireo majy isika ka hahafoy izay sarobidy indrindra amintsika.

Ry Jesoa Tompo ô, tsy olom-bitsy no antsoinao hanatona anao fa ny firenena rehetra eto ambany masoandro ary solon-tenanay ireo majy. Sambatra izahay ankehitriny fa mahalala anao. Ampio ary izahay hahafoy ny tena sarobidy aminay ka hahay hampamokatra ny asa ataonay tokoa ka amin'izay dia hitoetra ao Aminao. Ianao no kintana manala ny haizin'ity fiainanay ity, manala ny haizin'ny zava-misy eo anivon'ny fianakaviana izay mampihoron-koditra anay matetika, Ianao no kintana

manilo ny fiainanay andavanandro. Enga anie izahay hahay handray mandrakariva ny fahazavanao ka hitantana sy hitondra anay mankany amin'ny fiainana feno hasambarana ianao izay hahatonga anay ho EOV MISIONERA MANORINA ETA ZARY TABERNAKLA VELONA. Masina Maria mivavahà ho anay mba ho tahaka ireo Majy hitsaoka an'I Jesoa ka hahafoy izahay. Md Josefa, ankininay aminao ny ray rehetra sy Ireo Manampahefana rehetra mba hanahaka anao ka ho vonona hikolokolo sy hikarakara ny ankohonany isan-tsokajiny. Ampio izahay hanana toe-panahy mikolokolo ka hanorina tontolon'ny fahaizana mikolokolo. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy eran-tany mivavahà mba ho tena famantaram-pamonjena ny EOV jiaby. Mivavahà mba vavolombelon'ny marina izahay jiaby ka tsy hatahotra fa hiaro ny finoana tahaka anao niaro an'I Jesoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson